HENJANA NY TADY ANY FORT-DAUPHIN

# Hampiato ny asany ny Rio-Tinto/QMM



Ny fanakanan-dalana misy any Fort-Dauphin, ataon'ireo mpanao fihetsiketsehana.

Henjana ny tady eo amin'ireo mpanao fihetsiketsehana sy ny orinasa Rio-Tinto/QMM any Fort-Dauphin faritra Anôsy. Noho izay antony izay, nampandre ity orinasa mpitrandraka fasimainty ity, fa hampiato ny asany, tsy hanao afatsy izay asa maika tsy maintsy atao nanomboka afak'omaly.Milaza ho tsy manana antoka intsony ny orinasa amin'ny fiarovana ny mpiasa ao aminy. Mitohy ny fametrahana sakana eny amin'ny làlana ataon'ireo mponina, noho ny tsy fivoahan'ny marina amin'ny fandotoana ny rano anjonoan'izy ireo ao Andrakaraka. Voalaza fa efa nalefa aty Antananarivo ny fitiliana ny rano, saingy tsy hita ny valiny hatramin'izao. Maro ny olona mivelona amin'ny orinasa Rio-Tinto/QMM, sy mivelona amin'ny rano fanjonoana any an-toerana io, ka tokony hahitan'ny tompon'andraikitra vaha-oalana haingana ity raharaha ity.

***Niaina***

Angôvo

# Famahana ny delestazy any Morondava, ny teo ihany no teo




Toy ny mahazatra rehefa misasaka ny volana dia efa miomana amin'ny fahatapan'ny jiro ny mponin'i Morondava faritra Menabe, na dia tsy misy filazana avy amin'ny Jirama intsony aza. Fa tamin'ity volana Mey ity dia efa tsy niomana intsony ny olona satria ny filoha Andry Rajoelina mihitsy no nilaza tamin'ny fandalovan'ny taty Morondava fa tsy mendrika hiaina izany delestazy izany intsony ny vahoakan'i Morondava, satria efa notokanana ny famatsiana rianaratra avy amin'ny masoandro, koa taitra sy kivy ny mponina raha nahare ny filazana fahatapan'ny jiro avy amin'ny Jirama, ka velom-panontaniana hoe ny filoha ve no mandainga sa ny fitantanana ny Jirama Morondava no tsy milamina? Lazaina fa olan'ny tsy fahampian'ny solika no antony izany nefa dia hita hatreto, fa mbola mandeha tsara ny famatsiana solika ny Jirama Morondava ary araky ny resaka nifanaovana tamin'ny mpiasan'ny Jirama dia mbola misy solika ao, fa tsy hay mihintsy ny tena antony mahatonga ity delestazy Morondava ity. Ilay famatsiana rianaratra avy amin'ny masoandro moa dia tsy hay hoe efa mandeha sa tsia, fa hatreto aloha dia mbola ny teo ihany no teo ny delestazy eto Morondava. Mandalo isam-bolana, tsy mety manadino, raha adinon'ireo olom-boafidy sasany fa hanaramaso ny fanatanterahana ireny tenin'ny filoha ireny no andraikiny, fa tsy hanao merci president fotsiny.

***Rajepa***

Politika sy finoana

# Nahazo toeram-pivavahana : Chapelle ny Antenimierampirenena


Nahazo toeram-pivavahana Chapelle ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza. Chapelle Nehemia no anarana nampisalorana izany toeram-pivavahana izany, izay notokanana omaly atoandro. Nisy ny fotoam-pivavahana iraisam-pinoana omaly maraina, nialoha ny fanokanana izay teo ambany fitarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christine. Misy vondrom-bavaka efa niorina 20 taona eo izao ny eny anivon'ny Antenimierampirenena ary fanamarihana izany no anisan'ny nandrisika tamin'ny fanaovana izao foto-drafitrasa izao araka ny lahateny nataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena. "Fanomezana avy aminay mianakavy ny toeram-pivavahana" hoy izy. Efa vory fampitaovana ihany koa ny toerana vokatry ny fiaraha-mientan'ireo nanolotra.

***Niaina***



Ny Chapelle Nehemia eny Tsimbazaza.


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mialy R.**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fy Aro R.**


Magro Behoririka ny 27 sy 28 mey

# Varotra fampirantiana lehibe, hisy fanomezana ho an'ny Reny

Noho ny fahatongavan'ny fetin'ny Reny ny alahady 29 mey ho avy izao dia hisy hetsika lehibe ao amin'ny Magro Behoririka, hatao hanamaivanana ireo rehetra maniry hividy fanomezana ho an'ny Reny, na i Neny, ny zoma 27 sy sabotsy 28 mey ho avy izao. Entana maro isan-kazany no ho hita ao anatin'izany dia ny akanjo, voninkazo ; taozavatra vita Malagasy ; vokatra sy fikojakojana ny tarehy sy ny endrika amam-bika ary ireo fanomezana tsara rehetra mety hatolotra ho an'i Neny noho ny fetiny. Raha ny nambaran'ny mpikarakara, tsy hisy ny vidim-pidirana mandritra ity varotra fampirantiana lehibe ity, koa asaina ny olona rehetra ho avy hitsidika eny an-toerana amin'io fotoana io. Marihina ihany koa fa dia natao mirary dia mirary ny fandraisan'anjara atao ho an'ireo mpampiranty rehetra ary mbola malalaka ny toerana amin'izany. Ny vola ho azo mandritra ity hetsika ity araka ny nambaran'ny mpikarakara dia hoentina hanaovana asa soa, hanampiana ireo ray amandreny zokiolona. Fanazavana fanampiny amin'ny finday: 0347907600.

***Helisoa***



Vazaha mpaka sary, mpanao asa soa

# Mandeha an-tongotra mampitohy an'Antananarivo sy Ambositra

Vazaha mpaka sary, mpanao asa soa amin'izao fotoana, no mandeha an-tongotra mampitohy an'Antananarivo sy Ambositra, ny marimarina kokoa any amin'ny faritra Zafimaniry ao amin'ny distrikan'Ambositra faritra Amoron'i Mania, no hitodian'ny diany. Afak'omaly no nanomboka ity dia an-tongotra sady fanatanjahantena nataon'ilay mpaka sary frantsay, Jean François Lenoir ity. Nahavita 32 km izy tamin'izany, nampitohy an'Antananarivo sy Behenjy. Nanohy ny diany Behenjy Ambatolampy izy omaly. Tsiahivina fa handeha ho any Antoetra, toerana misy ny Zafimaniry no tena tanjony ary hanangona vola ho fanampiana ny fikambanana Zafimaniry Education tantanan'i @TangalaMamy, mpaka sary Malagasy izy, ho fanampiana ireo ankizy any amin'izany faritra Zafimaniry izany. Ireo tsara sitrapo dia afaka manome fanampiana izay foiny hanohizana ny fampianarana ny ankizy Zafimaniry, amin'ny alalan'ny M'Vola an'ity mpaka sary Frantsay Jean François ity, ny laharan'ny findainy dia 0342331252.

***Stefa***



Ilay Vazaha mpaka sary Frantsay, sady mpanao asa soa.